Ny Valosoa sy fakafaka 2
**Misy kisarontsarona hatrany ny resa-bolamena**

TIM Fianarantsoa 2
**Ankizy 408 no natao forazaza maimaimpoana**

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Misaona ny Sakalavan'i Boeny 5
**Folaka ny Mpanjaka Ben'i Marambitsy Amina Saïd**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 6 jona 2023 Laharana 1441 Vidiny : 600 Ar

## Kongresim-paritra 2
# Tsy nitsanga-menatra naneho firaisankina ny TIM Boeny




## Miala Rajoelina 3
# Ela namitahana ka mamita-tena ny farany

**J - 95**

## Finoana Katolika 3
# Nametra-pialana Mgr Odon Razanakolona, fantatra ny solony




## Frantsa sy Madagasikara 3
# Nahatsiaro ny fiaraha-miasa vaovao ny 4 jona 1973 ny antoko Arema



**Jono tsy ara-dalàna** 7
Miara-miasa amintsika amin'ny ady amin'izany i Etazonia

**Kick Boxing** 5
Faharoa i Madagasikara tany Maorisy nahazo volamena 5

**Daka kely**
Fety sy tombola no nojeren'ny pokona fa tsy ialahy ry Boaikely a !

KONGRESIM-PARITRA

# Tsy nitsanga-menatra, naneho firaisankina ny TIM Boeny

Tontosa soa amantsara ny sabotsy teo, tao amin'ny Lycée FJKM Ziona Vaovao Mahajanga, ny kongresim-paritry ny TIM Boeny. Fahombiazana tanteraka izany, na teo aza ny sakana tamin'ny fahatongavan'ny filoha Marc Ravalomanana tany an-toerana ny alakamisy teo, nisian'ny lakrimôzena nipoaka nalefan'ireo herim-pamoretan'ny fitondrana. Feno hipoka ny tao an-trano, maro koa ireo tao ivelany tamin'io fotoana io, fa tsy tafiditra. Tsy nitsanga-menatra i Mahajanga ary naneho firaisankina tanteraka izy ireo, niara-nientana tamin'izany koa ny mpitarika nahitana an'Andriamatoa isany Ravokatra, Sidy, Achim Kely, Joachim, ny senatera teo aloha Jeanson Ratiarinaivo,… Nahatonga solontena avokoa ireo distrika 6 mandrafitra ny faritra Boeny dia Mahajanga I sy II, Mitsinjo, Soalala, Marovoay, Ambato Boeny. Tonga tany an-toerana koa ny avy any Betsiboka toy ny avy any Kandreho, sy ny solontena avy any Sofia. Niatrika izany tany an-toerana ny Filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM, notronin'ny birao politika, nahitana ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro sy ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina, ireo depiote voafidy amin'ny antoko, notarihan'ny filohan'ny vondrona Parlemantera TIM : Fetra Ralambozafimbololona, nahitana ny depiote isany Ramboasalama Emilien, Feno Ralambomanana, Todisoa Andriamampandry, ny depiote Rastany, ny olom-boafidy TIM : Collectif des Elus notarihan'ny filohany Christiana Andrianjafy,… Nambaran'ny filoha Ravalomanana tamin'io fotoana io fa : « henoko ary hitako ny fijaliana manjo anareo amin'ny lalana ratsy, ny tsy fandriampahalemana, ny delestazy, fiainana tsy sahaza ny maha olona,... hiray hina isika hanarina izany. Tsy mihemotra intsony isika. Manaja ny lalàna isika fa tsy manaiky verezin-jo. Mila fifidianana ny Malagasy rehetra. Aok'izay, hajao ny lalam-panorenana. Leo Jadona, leo herim-pamoretana, leo tampenam-bava ny vahoaka, » hoy izy. Any Manakara sy Farafangana ary Mananjary indray, ny kongresim-paritra manaraky ny antoko TIM amin'ny faran'ity herinandro ity.



*Ny filoha Ravalomanana tany Mahajanga ny sabotsy teo.*

**Isambilo**

TIM Fianarantsoa

# Ankizy 408 no natao forazaza maimaimpoana

Nanao forazaza maimaimpoana tany Fianarantsoa sy Ambalavao ny avy amin'ny antoko TIM Fianarantsoa tariahan'i Dr Elysée Zanabahoaka. Forazaza maimaimpoana, karazany tsy maratra no natao tamin'izany. Tao Fianarantsoa dia natao tao amin'ny Magro Ampasambazaha. Nanambara Dr Elysée fa : «isaorana Andriamanitra nitantana antsika fa dia tanteraka soamantsara ny hetsika forazaza maimaimpoana nataon'ny Antoko Tiako i Madagasikara, teto Fianarantsoa ny 3 jona 2023, niavaka ity Andiany 2023 ity satria dia 408 be izao ianareo zaza natao hasoavana, raha lasaky ny 200 izany isan-taona. Isaorana ihany koa isika mpikambana Tiako i Madagasikara rehetra nitoto nahafotsy sy nahandro nahamasaka izao hetsika izao, izay marika fa velona ny Antoko Tiako i Madagasikara Fianarantsoa-I, ary manana fahavononana hanavotra firenena miaraka amin'ny Filoha Marc Ravalomanana. Araka ny fangatahana nataonareo izay any amin'ny faritra manodidina dia eo ampandinihana izany ny Sampana Fianarantsoa. » Anjaran' ny any Ambalavao indray, no hanatanterahana ny hetsika forazaza faobe, izay ataon'ny Antoko Tiako i Madagasikara Faritany Fianarantsoa, ny 7 JONA Maraina, ao an-tranon'Andriamatoa Jean Claude Androka. Efa misy ny fandraisana anarana natao isam-pokontany (FokTim sy rantsana Tim), ka manatona ireo izay mbola te-hisitraka izany. Hiara hisalahy amin'izany koa ny TIM isam-pokontany.



*Forazaza nataon'ny TIM tany Fianarantsoa.*

**Niaina**

Diplaomasia

# Tanora Malagasy handranto fianarana any amin'ny Akademia Miaramila amerikana

Tanora Malagasy handrantro fianarana any amin'ny Akademia Miaramila Amerikana any Etazonia. Manamafy ny filaminana eto amin'ny faritra manodidina sy amin'izao tontolo izao ny fiaraha-miasa eo amin'i Etazonia sy i Madagasikara. Singa iray lehibe amin'io fiarahamiasa io ny fiofanana ara-miaramila. Endrika iray lehibe isehoan'ireo fiofanana ara-miaramila maro omen'i Etazonia ny fandraisana ireo mpianatra Malagasy eny anivon'ireo Akademia Miaramila Amerikana, ka hampiofanana ireo andiana mpitarika miaramila ho avy ho an'i Madagasikara. Ireo Akademia Miaramila Amerikana dia anisan'ireo Oniversite sarotra idirana indrindra any Etazonia ary manolotra fampianarana sy fampiofanana fahaiza-mitarika avo lenta. Sady mahazo ny mari-pahaizana Bachelor of Science ireo mpianatra amerikana no mahazo ny fanendrena ho manam-boninahitra eo anivon'ny Tafika Amerikana. Misy mpianatra vahiny vitsy voafantina hisitraka izany traikefa manokana izany. Izy ireo dia mianatra sy miofana miaraka amin'ireo mpitarika miaramila ho avy any Etazonia sy amina firenena namana hafa. Ireo mpianatra iraisam-pirenena kosa dia mitodi-doha mamita ny iraka miaramilany eo anivon'ny tafika amin'ny fireneny tsirairay avy. Niara-nankalaza ny nahavoafantina ireo tanora Malagasy roa eo anivon'ny Akademia Miaramila Amerikana ny Ambasadaoro Amerikana Claire Pierangelo, sy ny Mpanolotsaina misahana ny Fiarovana sy ny Fifandraisana ara-Miaramila eo anivon'ny Masoivoho Amerikana kaomanda Jorge Garcia, ary ny Talen'ny Kabinetran'ny Minisiteran'ny Fiarovam-Pirenena, Jeneraly Bearson Andrianaivohery. Voafantina ao amin'ny United States Coast Guard Academy Ramatoakely Rania Andrianjafimahery raha voafantina ho ao amin'ny United States Naval Academy kosa Andriamatoa Ezekiela Antonio Francky Velotahiririnira. Nahatratra ny lenta notakiana eo amin'ny fahaizana, lafiny arabatana, ary ny toetra ilaina ananana izy mianadahy hanokatra ny varavaran'ireo Akademia Miaramila fanta-daza ireo. Hanainga hamonjy ny fianarany any Etazonia i Andrianjafimahery sy Velotahiririnira amin'ity volana ity. Hiverina hiasa eto Madagasikara izy ireo aorian'ny fahavitan'ny fianarany amin'ny taona 2027.



*Ireo tanora Malagasy ho any Etazonia (afovoany).*

**Isambilo**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Misy kisarontsarona hatrany ny resa-bolamena

Anisan'ny mahabe resaka eto amin'ny firenena sy ato anatin'izao fitondrana izao ny momba ny resaka volamena. Na io ny fitrandrahana azy any ifotony amin'ny toerana samihafa eto amin'ny Nosy, na ny fivarotana azy, indrindra ireo aman-kilao maro niondrana antsokosoko teto amin'ny firenena tao anatin'izay taona vitsivitsy izay. Nambara tamin'ireny, fa misokatra ny fanadihadiana, dia avy eo tsy re intsony ny tohiny sy ny niafaràny. Anisan'izany ilay volamena sarona tao Afrika Atsimo sy nogiazin'ny fitondrana tao mandraka ankehitriny. Toy izany koa ireo tratra tany amin'ireo nosy hafa manodidina. Misy harem-pirenena toa zary verivery fahatany eto amin'ity firenena ity, ary ny fitondrana mpitsabaka amin'ny raharaham-pitsarana indraindray na matetika tsy andrenesam-peo ny momba ireny raharaha fanondranana an-tsokosoko volamena ireny. Tsy fanta-bahoaka ny antony mazava momba ireny harenany norobaina an-tsokosoko ireny, satria atao tompon-trano mihono mandrakariva izy.
Fa anisan'ny raharaha iray misarika ny sain'ny mpanara-baovao ihany koa raha ity resaka volamena ity ny fizotry ny asa natao tamin'ny volamena malagasy nalefa tany Soisa fa hoe hodiovina. Aiza ho aiza ny niafaràn'ny raharaha? Sa efa tafaverina eto ireo volamena ireo ary nahazoan'ny firenena Malagasy tombony. Natao fanambarana lehibe mihitsy mantsy tany am-piandohana nataon'ny tomponandraikitra ny amin'ny tsy maintsy handefasana ireo volamena voaangona tao amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara any amin'ity firenena eoropeanina ity. Hatreto aloha tsy re ny niafaràn'ny asa natao na efa vita na tsia. Maninona no tsy atao toy ny tany am-boalohany izay ny fikarakarana natao? Toe-javatra iray anisan'ny mampitombo ny elanelana sy tsy fifampitokisana eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka ny fikobokobonina raharaha mila hazavaina amin'ny vahoaka toy izany.

**Sôh'son**

Fiainan'antoko

# Hanatrika ny kongresy nasionaly ny antoko ny TIM Antsiranana

Nandritra ny fandalovany tany Antsiranana faritra Diana, dia nihaona tamin'ireo tompon'andraikitry ny antoko TIM any an-toerana ny Depiote Mamy Rabenirina, Sekretera Jeneraly faharoan'ny antoko, izay nifanakalo hevitra sy vaovao mikasika ny asa miandry ny antoko ato anatin'ny fotoana fohy ho avy. Fiomanana ho amin'ny Kongresy nasionaly ny voalohan'ny volana jolay izao koa no natao, sy fandinihana izay hanatsarana ny fifandraisana anatiny ary fifampizarana paikady sahaza hiatrehana ny fifidianana no fototry ny dinika. Handray anjara mavitrika ary hitondra ny heviny manoloana ny kongresy nasionalin'ny antoko TIM eto Antananarivo ny solontenan'ny antoko any amin'iny tapany avaratr'i Madagasikara iny.

**Niaina**



*Ny depiote Mamy Rabenirina, sy ireo mpitarika ny antoko TIM any Antsiranana.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina

# Ela namitahana ka mamita-tena ny farany

Ela namitahana nandritra izay 4 taona izay, ka mamita-tena amin'izao fotoana ny filoha Rajoelina sy ireo mpanara-dia azy, raha ny zava-nisy tany Maroantsetra sy Mananara Avaratra faritra Analanjirofo ny faran'ny herinandro teo no halalinina sy hadihadiana. Ny vahoaka tonga niatrika azy nandritra izany dia tsy fitiavana an-dRajoelina loatra, fa hijery fampisehoana an-tsehatra nataon'ireo tarika kalaza any an-toerana no nahatonga azy ireo tao an-kianja, sy noho ny tombola natao. Efa leo izao fitondrana izao ny mponina any amin'ny faritra avaratra sy avaratra atsinanan'i Madagasikara iny amin'izao fotoana noho ny fitotongan'ny vidin'ny lavanila, ka zara aza misy lanonana sy tombola bôjo ka dia tonga ny olona, fa tsy noho i Rajoelina velively, izay fantatr'izy ireo ihany koa fa tsy maintsy hiala afaka 95 manomboka androany, izany hoe : J- 95.
Ankoatra izany, mitohy tsy misy fitsaharana ny filàna sotasota ataon'izao fitondrana Rajoelina izao amin'ireo olompirenena heveriny fa: manelingelina azy eo amin'ny ezaka ataony, mba hangalany ny fon'ny vahoaka indray, sy manozongozona ny sezany ary mampihetry ny lazany eo amin'ny sehatry ny fitantanana ny raharaham-pirenena. Efa betsaka ny nosamborina ireo mpampaneno lakolosy fanairana hanitsiana ny làlan-kizorana tsy mitondra any amin'ny fampandrosoana, eo koa ireo nogadraina ka namoronana antontan-taratasy nanendrikendrehina azy ireny ho nampikomy vahoaka ary tsy azo adidnoina ireo mpanao gazety sahy namotsipotsitra ny kolikoly sy ny fanondranana harem-pirenena an-tsokosoko ary ny hadalàna ataon'ny mpitondra. Mtohy ihany koa ny sakantsakanana ireo mikasa haneho hevitra fanairana ny mponina amin'ny tsy fisian'ny fandriampahalemana sy ny fahatapahan-jiro tsy misy fiafarany. Ny tena loza amin'izao vanim-potoana fanomanana fifidianana izao dia tsy avela hihetsika sy hanentana ny mpiray firenena hanamarina ny anarana ao anaty lisitry ny mpifidy, ka sakanana etsy sy eroa ary ampiasaina ny zandary indrindra indrindra hanatanteraka baiko amin'izany. Vao ny herinandro teo, no nanao hetsika ny vadin'i Mahery Lanto Manandafy (Malama) : Doris Rakoto Samuel, sy ny Gasy Leo nentiny naneho ny alahelony manoloana ny fahantrana mianjady amin'ny mpiray firenena izao. Tena naneho fitiavan-tanindrazana sy fitiavana ny mpiarabelona tokoa ny tenin'ity vehivavy ity hoe « aleoko maty toy izay mahita ny Fireneko mandady ». Efa nampitahorin'ny zandary nosamborina moa izy, fa ny filohan'ny Gasy Leo no nentina an-kerisetra teny Fiadanana. Araka nby vaovao farany omaly anefa, fantatra fa nosamborina vao maraina tao an-tranony i Doris. Tsy misy afaka mikimpy manoloana izao fahantrana mianjady amin'ny Malagasy, ny tsy fandriampahalemana sy ny fanitsakitsahana ny lalàna, indrindra ny Lalàm-panorenana, ataon'ny mpitondra ary ny tsy famelana ny antoko politika sy fiarahamonim-pirenena haneho hevitra izao. Niaraha-nahita ny vaovao nanakanana ny Filoha Ravalomanana Marc tany Analavory ary nanipazana baomba manempotra izy tamin'izany. Iaraha-mahatadidy ny nanaovan'ny fitondrana tetezamita ny Profesora Zafy Albert teny Anosy, ka nanimpazan'ny herim-pamoretana baomba mandatsa-dranomaso ihany koa tamin'izany fotoana izao. Namerina ny hadalàna tamin'ny filoha Ravalomanana Marc indray ny fitondrana, ka nanakana azy raha nandeha hihazo an'i Mahajanga izy. Matoa nampiseho ny tsy fanekeny lembenanana tahaka iireny ny vahoaka tany an-toerana dia tokony efa hitsara tena Rajoelina Andry sy ny mpiaradia aminy, satria tsy mitovy tokoa ny mponina any Mahajanga sy ny any amin'ny Faritra hafa eo amin'ny fihetsehampo ary fanehoan'ny vahoaka any ny fitiavany an-dRavalomanana Marc ireny fihetsiny ireny. Nisy ihany ireo sakantsakana nataon'ny mpitondra tamin'ny solombavambahoaka voafidy tao Toliara I tany Manjary, sy ny vava navoakan'ny vehivavy solombavambaoaka voafidy tao Antsiranana I nihantsy adim-poko tany Antalaha. Marina fa niala tsiny noho ny teny tsy voalanjalanja nataony ity solombavambahoaka ity kanefa amin'ny toe-javatra toy izao dia tsy mitombona ilay filazana fa "mora manadino ny vahoaka Malagasy". Tsy tokony hadinon'izao fitondrana izao fa ny fampiasan-kery, ny fampiasana ny fitsarana ho fitaovana hamoretana ny tsy manan-tsiny, ny fanomezana baiko ny mpiaro ny vahoaka sy ny fananany kanefa mamoritra azy, ny tsy firaharahiana ny fahantran'ny vahoaka, ny fanakanana ny olompirenena tsy haneho hevitra malalaka, ny famotehana ny firenena eo amin'ny sehatra rehetra, ny fangalarana ny harem-pirenena, sns…dia porofo fa malemy tsy manan-kery ary tsy mahita làlan-kizorana intsony izao fitondrana izao, ka manao tsipaky ny miala aina. Araka izany dia tokony hanova fihetsika sy paikady entina miady ny fitondrana Rajoelina Andry, satria izay ataony rehetra dia mibirioka any amin'ny tsy alehany ary mifanohitra amin'ny tanjona kendreny hatrany no miseho. Hafa ny anio sy ny omaly ka tsy rehefa lazaina fa tompondaka amin'izao sehatra rehetra izao ny tena dia hitehaka ny vahoaka, manaporofo izany ny tsikera mahavaivay asetrin'ny vahoaka an'izany. Mamita-tena tokoa Rajoelina fa hoe tian'ny vahoaka izy amin'ny maha-champion azy, ny mifanohitra amin'izany no misy, satria efa fantatry ny maro ny maha-Rainilainga na Champion ny mpandainga azy, ka izay ela namitahana tokoa dia tenany no fitahiny ankehitriny.

***Andry Tsiavalona***

Frantsa sy Madagasikara

# Nahatsiaro ny fiaraha-miasa vaovao ny 4 jona 1973 ny antoko AREMA



*Ny fanaovan-tsonia tamin'ny taona 1973.*

Notsarovana ny faha 4 jona 2023 teo ny fanaovan-tsonia ny Accord de coopération, na ilay fiaraha- miasa vaovao, izay nifanaovan'ny fitondrana Malagasy sy ny fanjakana Frantsay.Raha tsiahivina dia io Accord de cooperation io no nametraka ny fahaleovantenan'i Madagasikara taorian'ny fahaleovantena, izay ankalazaina amin'izao fotoana izao dia ny 26 jona izany. Ny 4 jona 1973 no nanaovana sonia ity fifanarahana antsoina hoe Accord de cooperation ity, izay tamin'ny fotoana naha ministry ny raharaham-bahiny ny Amiraly Didider Ratsiraka tamin'izany no nanaovana azy. Marobe ny fiovana naterak'ity fifanarahana ity ary nanomboka hita taratra teto Madagasikara izany fahaleovantena tena izy izany.
Isan'ny vokatra azo tamin'izany ohatra ny fialan'ny tafika frantsay tany Diego sy faritra maro hafa. Tao ihany koa ny fahafahan'i Madagasikara nanangana ny Banky Foibe, izay nisokatra ny 12 jona 1973, nanaraka izany ihany koa ny nanantsika vola manokana. Ny fampidirana ny teny malagasy tao anatin'ny fampianarana, fanafoanana ny fampianarana mitanila. Marihina fa vokatry ny tolona izay nataon'ireo tanora ny taona 1972 no nahatanteraka izany .
Nahatsiaro ity daty ity teny Faravohitra ny alahady 4 jona teo ny antoko Arema, izay notarihan'ny sekretera nasionaliny Ramatoa Annick Ratsiraka, sy ireo avy amin'ny Comité directeur ary ny rantsamangaikan'ny antoko. Nandritra izany no nanaovana ady hevitra momban'ny fahaleovantenan' i Madagasikara ary nampisehoana ihany koa ny horonantsary izay mirakitra ny fanaovan-tsonia ity Accord de cooperation ity . Nilaza ny sekretera nasionalin'ny antoko Arema, fa efa eo ampelatanan'ny malagasy izany fahaleovantena izany ary tsy azo kosehana ny sonia izay nifanaovana, saingy ny fampiasana azy no mila fanamboarana.

***Isambilo***

## TONONKALO

### Fetin'ny reny

Ao anaty tokantrano izay deraina ho tsara endrika ,
Ao no ahitana RENY , miavaka sy tena mendrika.
Tsy mitandro ny hasasarany fa maneho fahavononana,
Ary izy no fanilo manazava ny ankohonana.

Na mitambatra ny rahona na mirotsaka ny orana,
Na tsaroana ho malama izany lalana hizorana,
Dia ny RENY tena mendrika no mijoro ho mpampahery,
Ka mitraka ny ankohonana fa tsy avelany ho irery !

'Ndeha tolorana arahaba fa dia mbola notahiana,
Ianareo rehetra RENY , dia ireo faka nitsiriana.
Na ny ando avy an-danitra na ny tsiron'ito tany,
Irariana mba hanjohy sy hanaraka anareo hatrany !

***DADAN'i ZINA (04-06-23)***

FINOANA KATOLIKA

# Nametra-pialana Mgr Odon Razanakolona, fantatra ny solony

Nametra-pialana ny Arsevekan'Antananarivo Mgr Odon Razanakolona, efa fantatra ny solony. Voatendrin'ny Papa Fransoà ho Arseveka vaovao ho an'Antananarivo i Mgr Jean de Dieu Raoelison. Neken'ny Papa Fransoà ny fametraham-pialan'i Mgr Odon Marie Arsène Razanakolona amin'ny fitantanana pastoraly ny Arsidiosezin'Antananarivo, noho ny taonany efa tokony haka fisotroandronono. Niaraka tamin'izany dia notendrena ho Arsevekan'Antananarivo i Mgr Jean de Dieu Raoelison, Evekan'Ambatondrazaka ankehitriny.
Mgr Jean de Dieu Raoelison dia teraka tao Arivonimamo, ny 31 jolay 1963.
Ny 7 septambra 1996 izy no nohamasinina ho pretra ;
Ny 25 marsa 2010 izy no voatendry ho Eveka mpanampy ho an'ny Diosezin'Antananarivo, ary nohamasinina ho Eveka, teo amin'ny Kianja malalaky ny Kolejy Masina Misely Amparibe, ny 13 jona 2010.
Voatendry ho Evekan'Ambatondrazaka izy ny 11 aprily 2015.
Ny fiofanana narahiny :
- Nanao ny fianarana fanabeazana fototra tao amina Sekoly Katolika iray, talohan'ny nidirany tao amin'ny Seminera Zandriny ao Ambohipo (1981-1986) ;
- Ny taona 1987-1988, stage tao amin'ny Distrika misioneran'Ambohitsoabe ;
- Ny taona 1988 hatramin'ny 1991, nianatra ny Filozofia tao amin'ny Seminera Zokiny rezionaly tao Antsirabe ;
- Ny taona 1993 hatramin'ny 1996, Nianatra ny Teolojia tao amin'ny Seminera Zokiny ao Ambatoroka Antananarivo ;
- Nahazo ny mari-pahaizana Licence momba ny Teolojia tao amin'ny Institut Catholique de Madagascar (ICM, UCM ankehitriny), tamin'ny taona 1998 ;
- Ny taona 2004 hatramin'ny 2008, nanohy fianarana tany amin'ny Faculté théologique de Lugano (Suisse), nahazo ny Doctorat en Théologie dogmatique.
Ireto avy ny toerana nanirahana azy tao aorian'ny nanamasinana azy ho pretra :
1996-1998 : Vikera tao amin'ny Paroasin' Ilanivato
1998-2000 : Curé tao amin'ny Distrikan'i Fenoarivo
2000-2003 : Mpanabe tao amin'ny Seminera Zokiny Manantenasoa Antsirabe
2003-2004 : Pretra "Fidei Donum " tao amin'ny Paroasin'i Lamoli-Urbino (Italie)
2008-2009 : Nampianatra ny Teolojia tao amin'ny Seminera Zokiny ho an'ny Teolojia ao Faliarivo, sady secrétaire de coordination-ny Fivondronamben' ny Eveka eto Madagasikara, ary talen'ny Famoahana ny Gazety Lakroan'i Madagasikara
2010-2015 : Eveka mpanampy tao amin'ny Diosezin'Antananarivo
2015 hatramin'izao : Evekan'ny Diosezin'Ambatondrazaka.
Fantatra fa efa nametraka ny fialany teo anivon'ny Papa ny Arseveka Odon Razanakolona tamin'ny volana mey 2021, fotoana naha feno 75 taona azy. Matetika amin'ny maha eo an-toerana ny Arsevekan'Antananarivo dia izy no tendren'ny Fiombonamben'i Eveka hisolo tena ny Fiangonana Katolika eo anivon'ny FFKM, amin'ny fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana isan-tokony, sy hisolo tena ny Fiangonana amin'izay ilana azy, fa ny Eveka voafidin'ny Fiombonambe Katolika ihany no lehiben'ny Fiangonana, ary ny Kardinaly no mpiara-miasa akaiky amin'ny Papa eo anivon' ny Vatican.

***Stefa***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rakotobe

**Tao aorian'ny kongresim-paritra Boeny. Ny filoha Marc Ravalomanana nitafa tamin'ireo olona nitsangatsangana tamin'ny Bord-n'i Mahajanga tamin'ny sabotsy alina teo.**





**Niara-niombombavaka tamin'ireo mpino tao amin'ny FJKM Ziona Vaovao Mahajanga ny filoha Marc Ravalomanana ny alahady fein'ny Reny teo. Tao anatin'izany no niarahabany ireo Reny rehetra tratry ny fety. Homba anareo mandrakariva anie ny Tompo, tsapako hoy ny filoha Marc Ravalomanana ny fahasahiranana mahazo anareo.**






**Ny antoko AREMA teny Faravohitra, nahatsiaro ny fanamarihana ny nanasoniavana ny accord de coopération teo amin'i Frantsa sy i Madagasikara, tamin'ny taona 1973.**











## NY TENY FIAINANA

*« Ary Izy no talohan'ny zavatra rehetra, sady ao aminy no aharetan'ny zavatra rehetra. »*

***Kolosiana 1:17***

### Les ceintures des champions de Kick Boxing

# Faharoa i Madagasikara tany Maorisy nahazo volamena 5



*Mpikatroka Malgasy tany Maurice.*

Tontosa tamin'ny sabotsy 03 jona 2023 teo, tao Maorisy ny fifaninanana kick Boxing : "Les ceintures des champions" nokarakarain-dry zareo Maorisiana, ka nandraisan'i Madagasikara anjara niaraka tamin'ireo firenena 3 hafa dia Maorisy, Afrika Atsimo, Turquie. Tafavoaka ho laharana faharoa tamin'izany i Madagasikara, rehefa nandrombaka medaly volamena 5 tamin'ireo 12 niadiana tamin'ny fifaninanana. Mpikatroka kick boxing Malagasy niisa 5 tamin'ireo 9 niatrika ny fifaninanana, no nandrombaka an'ireo medaly volamena 5 ireo : Lahamahavonjy Birinod (Seniors 67kg), VLadis Duco Osman Randriamasiniaina (seniors 60kg), Nambininjanahary Star Mostepha (seniors 63,5 kg), Joël Randrianjafy (63,5kg) ary i Sandra Rakotoarison (dames 56kg. Ireo tompondaka isaky ny « catégories » : Junior 48kg: Oudin Anne Lee (Maurice), Seniors67kg:Lahamahavonjy Birinod (Madagascar), 60kg: Randriamasiniaina VLadis Duco Osman (Madagascar), Dames 56kg : Rakotoarison Sandra ( Madagascar), 63,5kg : Nambininjanahary Star Mostepha (Madagascar), Seniors 57kg: Riley Jude (Maurice), 63.5 kg: Randrianjafy Joël ( Madagascar), Seniors 54kg: Robertson Warren (Maurice), Combat Wako Pro ceinture – 52,7kg : Dinally Cédric (Maurice), – -56kg:Annaelle Coret (Maurice), – 54,5kg : Fabrice bauluck (Maurice).

***Rainilita***

### Baolina kitra fifanintsanana CAN

# Nivoaka ny lisitr'ireo mpilalaon'ny BAREA hiatrika an'i Ghana





*Andro faha-5 Ghana vs Madagascar.*

Navoakan'ny Federasiona Malagasin'ny taranja baolina kitra tamin' ny zoma 2 jona 2023 teo, ny lisitr'ireo mpilalao nantsoina hiatrika ny fifanintsanana CAN Côte d'Ivoire 2023 andro faha-5 sy andro faha-6 farany, izay ho tarihan'ny coach Rakotondrabe Rôrô, ka amin' ny andro faha-5 dia ny fihaonana miverina hifanandrinana amin'i Ghana hatao etsy Mahamasina amin'ny alahady 18 jona 2023 ho avy izao, no hanomanan'izy ireo tena fatratra. Eo amin'ny andro faha-6 farany kosa izay hatao amin'ny faha-4 septambra 2023 kosa any Angola dia handray an'ny Barea ny ekipa voafantin'i Angola. Teo amin'ny vondrona E misy an'i Madagasikara dia efa lavon'i Ghana tamin'ny isa 3 noho 0 ny Barea tamin'ny 01 jolay 2022 (andro voalohan'ny fifanintsanana) ary tamin'ny andro faharoa kosa dia nanao ady sahala 1-1 tamin-dry zareo Angoley izy ireo. Lisitr'ireo mpilalaon'ny Barea jona 2023 : Mpiandry harato : Nina (Elgeco Plus), Adrien Melvin (Thonon Evian), Allan (Cergy Pontoise). Vodilaharana : Lahavy Tiana (Mama Fc), Tantely Antoine (Disciples Fc), Romain Metanir, Tantely Avotriniana (Cffa), Bertrand Dorian (Fc Arges Petesti), Rajo Nirina (Jet Kintana), Jean Martin (Elgeco Plus), Ando Nampoina (JS St Pierroise), Théodin (Ste Suzanne), Boyer Fabien (Js St Pierroise). Irakiraka : Arohasina Dax (Fosa Juniors), Romario (Jeanne d'Arc), Lalaina (Cffa), Jaona Mataniah (Disciples Fc), Olivier (Fosa Juniors), Koloina (Mc Alger), Njiva. Lohalaharana : Jean Yvon (Fosa Juniors), Gilles (Ajesaia), Toky (Cosfa), Hakim Abdallah (Re Virton), Angelo Andreas (As Exclsior), Zotsara.

***Rainilita***

### Misaona ny Sakalavan'i Boeny

# Folaka ny Mpanjaka Ben'i Marambitsy Amina Saïd



*Ny Mpanjaka Be Amina Saïd fahavelony.*

Misaona amin'izao fotoana ny Sakalavan'i Boeny any Marambitsy any amin'ny distrikan'i Mitsinjo, folaka ny Mpanjaka Be Amina Saïd. Araka ny fanambarana avy any Mahajanga nataon'ireo akaiky azy : « Iatsaka ny zavogno, maizika ny andro, folaka na niamboho ny alahady 04 jona 2023, tamin'ny faha-81 taonany, i Ampanjaka Be Amina Saïd, izay nanjaka sy nitondra ary nitarika ny fanjakana Marambitsy (Mitsinjo). Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mitondra teny fampiononana sy fankaherezana hoan'ny fianakaviany sy hoan'ny vahoaka ary ny Doany Marambitsy.

***Niaina***

## Sakafo Ny Valosoa



Horita saosy indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Any amorontsiraka no tena ahitana horita, na izany aza, efa manomboka misy mivarotra azy koa ny aty an-drenivohitra. Tsara raha hasiana ro matsatso ananambo miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafana amin'ny hemorroïde ny hazo cyprès

Fanafana amin'ny hemorroïde ny hazo cyprès, izay indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Fikarakarana azy : ampangotrahana ny rano 3 l, arotsaka ny ravina cyprès tahony iray lehibe efa voadio, avelao hivadibadika tsara. Fampiasana azy : atao ao anaty koveta ka hipetrahana amin'ny hafanana izay zaka mandritra ny 15 min. Atao maraina sy hariva mandritra ny 3 andro.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Antanandehibe distrikan'Antanambao Manampontsy faritra Atsinanana

Ny tanànan'Antanandehibe distrikan'Antanambao Manampontsy faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antanandehibe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 5 mandrafitra ny distrikan'Antanambao Manampontsy. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny kafe. Be ala koa Antanandehibe. Hita any koa ireo voankazo isankarazany toy ny letchi, ny manga, ny ampalibe, ny soanambo.



ADY AMIN'NY TAZOMOKA

# Miaro Malagasy miisa 6 tapitrisa i Etazonia

Manampy an'i Madagasikara amin'ny fampihenana ny fiparitahan'ny tazomoka ny Amerikanina, aretina mafy izay mety hahafaty raha tsy voatsabo haingana, indrindra amin'ny ankizy madinika. Nanomboka ny taona 2018 ny tetikasa Vectorlink ary mitentina 12 tapitrisa dolara, novatsian'ny Vinan'ny Filoha Amerikana ho an'ny ady amin'ny tazomoka (PMI) vola ary tantanan'ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID). Niaro trano Malagasy miisa 1,4 tapitrisa tamin'ny alalan'ny famendrahana odimoka ao anaty trano isan-taona ary koa fanesorana ireo toerana fanatodizan'ny moka eny anivon'ny tanimbary maherin'ny 8.000 ha ny tetikasa. Olona 6 tapitrisa mahery no voaaro tao anatin'izany hetsika izany. Ny PMI no mitarika ny ady maneran-tany ataon' ny governemanta amerikana amin'ny tazomoka. Ankizy latsaky ny dimy taona miisa 900.000 ary vehivavy bevohoka miisa 200.000 no nahazo tombontsoa. Ny tetikasa ihany koa dia nanome asa ho an'ny olona 15.000 izay niasa toy ny mpamendraka, mpanentana na koa mpiasa mpanohana, izay nanome tosika ara-toekarena ho an'ny vondrom-piarahamonina teny an-toerana.



Mpamendraka fanafody iadiana amin'ny tazomoka.

"Rehefa ampiarahina amin'ny hetsika hafa toy ny fampiasana lay misy odimoka rehefa matory, ny fitsaboana ny vehivavy bevohoka, ary ny fizarana fanafody misy "artémisinine", dia afaka mandroso amin'ny tanjona ho fanafoanana ny tazomoka eto Madagasikara isika", hoy i David Parks, Tale Lefitry ny Biraon'ny Fahasalamana eo anivon'ny USAID/Madagasikara nandritra ny lanonam-pamaranana ny tetikasa Vectorlink natao ny 31 Mey 2023 teo.

Ankoatra ny hetsika famendrahana natao isantaona manerana ny Distrika miisa 20 amin'ny Faritra 12, ny USAID dia nanampy ihany koa ny Programme de Lutte contre le Paludisme (PNLP) eto Madagasikara amin' ny fanatsarana ny asa, ny fanaraha-maso ary ny fanombanana ny fandaharanasa momba ny ady amin'ny moka, ary koa ny fanofanana ny mpiasa amin'ny paikady mahakasika ny ady amin'ny tazomoka eto amin'ny firenena.

Mba hanatrarana ireo vokatra ireo, ny USAID dia nanentana ny fiarahamiasa teo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy, ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Fanabeazana mba hahazoana antoka fa mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena ny famendrahana odimoka ary tsy misy ahiahiana amin' ny fahasalaman'ny mponina.

Toy ny «mpirahalahy mianala», ny vahoakan'i Etazonia dia miara-dia amin' ny vahoakan'i Madagasikara amin'ny fanatsarana ny fahasalaman'ny mponina ary namatsy vola nitentina 86 tapitrisa dolara mahery hanohanana ny rafi-pahasalamana eto Madagasikara tamin'ny taona 2022.

**Aly**

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Tsy hiarina ny firenena raha tsy miverina ny fifampitokisana

Ao anaty tontolon'ny fifanabeazana ny fiarahamonina, ary iainany isan' andro izany. Iaraha-mahita tsara anefa hoe miha mankaiza izay zotran'ny fifanabeazam-piarahamonina izay eto amin'ny firenena raha ny folo taona farany no jerena. Maro ny olom-pirenena no kivy sy ketraka amin'ny fikorosy fahan'ny fiainam-piarahamonina, raha mibanjina ny zava-misy. Miha mihàtra sy miseho hatrany ny leson-dratsy amin'ny endriny samihafa vokatry ny fahalovana mahazo vahana eo amin'ny sehatra rehetra. Manjaka ny tsy fandriampahalemana noho ny firongatry ny asan-jiolahy sy dahalo amin'ny endriny maro isan-karazany, izay tena misy lasa lavitra tsy araka ny toetra maha olombelona intsony. Potika ny firenena raha atao bango tokana ny fijery azy. Tsy mbola hijery ny tomponandraikitra isika, fa aleo ny nambaran'ilay mpitandrina nitoriteny teny Antsonjombe no horaisina, dia ny amin'ny nilazany hoe : ny omby mitondraka eny an-tanimboly aloha esorina izay vao mijery hoe : ombon'iza na iza no tomponandraikitra. Esory aloha ny omby, hoy izy. Tenim-pahendrena sady lalina iny, ka tsy takatr' izay fohifohy fisainana na tery saina sy ireo tsy mahazaka ny fahamarinana. Mila esorina ny olana goavana manapotika ny firenena ankehitriny ary hanimba ny taranaka hoavy manontolo rehetra ka tsy hahavanona intsony ity firenena ity. Fositra iray lehibe sy faka ratsy lalim-paka eto amin' ny firenena ankehitriny, dia ny filalaovana ny fihavanana araka izay mampifanaraka amin'ny tombontsoa manokana. Ao anatin'izany koa anefa, ary tena latsaka lalina, ny tsy fifampitokisana. Fiarahamonina tsy mifampatoky no manjaka eto, ary tsy noheverina mihitsy izay nitadiavana ny fanafodin' izany. Tsy hisy firenena ho vanona velively eto n'inona n'inona atao raha tsy voavaha io. Vao mainka ho lany fotoana eto fotsiny ny firenena kanefa ny harena gorobahin'ny olombitsy sasany fotsiny ao anatin'izany. Ho resa-poana ny fiantsoana na fanentanana hiray hina hampandroso ity firenena ity raha mbola tsy miova ny toe-javatra na toe-draharaha. Mila mamerina ny fihavanana tena maha izy ny malagasy fahiny isika ankehitriny, ka hampisy fiarahamonina hanjakan'ny fifampitokisana raha tiana marina ny hialàn'ny firenena ao anatin'izao toerana misy azy izao sy ny fahantrana lalina iainan'ny vahoaka malagasy. Mitaky fiovan-tsaina goavana izany kanefa ho mora raha samy resy lahatra ny olom-pirenena. Fifandraisana 034 17 460 53.

**Aris**

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety, sy amin'ny mpitondra mahefa izao fitarainana izao.

Manoloana ny FIHETSIKA MAMOAFADY nataon'ny député Paul Bert teto Port-berge ny 02/06/23,izay nandrodana ny tranoko izay hita @ sary io. Maneho ny alaheloko zaho satria tany titré borné, (complet taratasy jiaby manamarina izany), tsy misy idiran'ny tanin'ny résidence, fa ny ahy madiodio. Ary nahazoako alalana t@ Ben'ny tanàna ny fanorenana ny trano.

Tena manao tany tsy tan-dalàna io député io , satria maro be ny hetraketraka izay ataony fa jerem-potsiny, amin'ny President ny Groupe Parlementaire IRD azy angamba. Ka mba manaitra anareo fitondram-panjakana ,Atoa Filoha, Praiministre , Présidente Assemblée sy ny Ministre de la Justice, mba hijery akaiky toe-javatra ity.

***Olivier Rabeamina***
***Port-Bergé, Région Sofia***



Ecole Nassor Samdjee Morondava

# Mankalaza ny faha 80 taonany

Ny taona 1943 no niorina ny sekoly Nassor Samdjee Morondava, tamin'ny ezak'ireo karana tonga nila ravinahitra tato Morondava, ka ny karana atao hoe Nassor Samdjee, no nanome ny tany nanorenana ny sekoly, ka izay no antony nampitondrana ny anaran'ny sekoly. Tamin'izany dia natokana ho an'ireo karana ihany ny sekoly, fa taty aoriana, noho ny fahatsapan'izy ireo, fa maro ny soa azo avy ato Morondava ary ato koa ny fiveloman'izy ireo, izay ny ankamaroany dia misehatra eo amin'ny varotra dia nanapa-kevitra izy ireo, fa tsara raha sokafana ho an'ny rehetra ny sekoly, ka na dia ireo zanaky ny Malagasy avy amin'ny finoana hafa, na ireo mbola miaina amin'ny finoan-drazana aza dia raisina afaka mianatra ao amin'ny sekoly, na ireo mpampianatra sy mpandraharaha ny sekoly ary dia misy ny avy amin'ny finoana hafa, isan'izany ny avy amin'ny finoana katolika . Maro dia maro ireo olona nandranto fianarana tao amin'ny sekoly no tafita ary mitazona andraikitra ambony eto amin'ny firenena ; tsy mitsahatra mivoatra ny sekoly hatramin'izay, ka hatramin'izao ary maro ny mampiavaka ny sekoly, ankoatra ny vokatra izay tsy mena-mitaha amin'ny hafa isan-taona dia ny sekoly Nassor Samdjee ity no sekoly voalohany manaiky ny fitondran'ny mpianatra finday any an-tsekoly voalohany eto Morondava, izany moa no natao hoy ny tompon'andraikitry ny sekoly dia ho fanarahana ny teknologia satria misy ny connexion ao amin'ny sekoly izay hahafahan'ny mpianatra manao fikarohana, fa noho ny hamaroan'ny mpianatra dia tsy maharaka ny solosaina, ka nekena ny fitondran'ny mpianatra finday any an-tsekoly saingy ny fepetra kosa dia tsy ekena ny fameloman'ny mpianatra finday ao an-dakilasy mandratry ny ora fianarana. Ankoatr'izay dia mbola ity sekoly ity ihany koa no sekoly voalohany mampiasa fanarahamaso amin'ny fampiasana caméra de surveillance isaky ny efitrano fianarana, ka hitan'ny mpitantana ny sekoly avy hatrany ny zava-misy isaky ny efitrano fianarana tsirairay. Nanomboka ny talata 30 mey teo ny fankalazana ka ny zoma teo ny famaranana. Hetsika maro no nentina nankalazana izany faha 80 taona izany, izay notrononin'ny talem-paritry ny fanabeazam-pirenena ato Menabe, sy ireo ray amandrenin'ny mpianatra. Ny mpanohana ny sekoly amin'izao fotoana dia ny INISMA na ny Institut Islamique de Madagascar ; ny tsangabaton'izao fankalazana zao dia ny fanokafana ny sekoly Lycée La Sérénité ao Bemanonga, izay ny ISNISMA, no nanangana azy ary ho tokanana ny fidiran'ny mpianatra ho avy amin'ny taom-pianarana 2023 -2024 izao.

**Rajepa**



Ny sekoly Nassor Samdjee any Morondava faritra Menabe.

Herinandron'ny fanabeazana

# Mila tohanana hatrany ireo mpanabe

Nifarana ny zoma teo ny herinandron'ny fanabeazana teto amintsika, tao anatin'ny hetsika manerantany ho an'ny fanabeazana. Famelabelarana narahana adihevitra ho amin'ny fanatsarana hatrany ny tontolon'ny fanabeazana no anisan'ny notontosaina nandritra izany, tetsy amin ny Hotel Colbert Antaninarenina. Nisongadina ny tokony hanohanana hatrany ireo mpampianatra sy mpanabe, eo koa ny hamerenana ny hasin'ny fanabeazana, araka ny nambaran'ny mpandrindra nasionaly CONAMEPT, mpisehatra amin'ity resaka fampianarana sy fanabeazana ity, Ramatoa Rakotoarivony Huguette.

**Stefa**

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**13/05/2023 hatramin'ny 20/05/2023**

- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1441-06-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**ETAZONIA**

# Miara-miasa amintsika amin'ny ady amin'ny jono tsy ara-dalàna

*Miara-miasa amin'ireo firenena eto amin'ny faritra andrefan'ny Ranomasimbe Indianina i Etazonia, anisan'izany i Madagasikara, amin'ny ady atao amin'ny jono tsy ara-dalàna, tsy voambara ary tsy voafehin-dalàna*

Haharitra 3 andro ny fivoriambe iraisam-paritra tarihan'ny Blue Ventures, entina hamolavolana paikady iombonana hiatrehana ny jono tsy ara-dalàna, tsy voambara ary tsy voafehin-dalàna. Loharanontsakafo ho an'olona antapitrisany maneran-tany ny harena andranomasina ary manan-danja manokana amin'ireo nosy toa an'i Madagasikara, Kaomoro, Maorisy ary Seychelles. Araka ny nambaran'ny Firenena Mikambana dia olona maherin'ny 600 tapitrisa no mivelona amin'ny jono sy ny fiompiana anaty rano. Na dia eo aza ny fepetra noraisina eo amin'ny sehatra nasionaly sy rezionaly, mba hanakanana sy hanafoanana ary hiadiana amin'ity jono tsy ara-dalàna ity, dia mbola loza mitatao ho an'ny rohivoahary an-dranomasina, ny fivelomana ary ny fanjarian-tsakafo ho an'ny mponina amorontsiraka izany ary manimba ny toekarena manga maharitra sy ara-drariny eo anivon'ny faritra.

Olana manerantany ny jono tsy ara-dalàna, ka mitaky fiaraha-miasa mahomby iraisam-paritra sy iraisam-pirenena ny ezaka hamahana izany.

Mba hamaliana ireo fanontaniana manan-danja ireo, ny Masoivohon'i Etazonia eto Madagasikara sy Kaomoro dia miara-miasa amin'ny Blue Ventures Conservation Madagascar, ny Minisiteran' ny Jono sy ny Toekarena Manga, ary ny Institut Halieutique et des Sciences Marines (IHSM,) amin'ny fanatanterahana ny fivoriamben'ireo manampahaizana manokana eo amin'ny sehatry ny jono, solontenam-panjakana, fikambanan'ny firaisamonim-pirenena, ny sehatra tsy miankina avy amin' ireo firenena Nosy ireo ny 5 ka hatramin'ny 7 jona 2023 eto Antananarivo.



*Ireo mpandray anjara amin'ilay atrikasa iraisam-pirenena.*

Ny fanatanterahana ity fivoriambe ity dia iray amin' ireo hetsika maro novatsian'ny Departemantampanjakana amerikana vola mitentina 227.000 dolara ao anatin'ny tetikasa tantanin'ny Blue Ventures. Tetikasa izay miompana amin'ny fanentanana ny daholobe amin'ny ady atao amin'ny jono tsy ara-dalàna, tsy voambara ary tsy voafehin-dalàna; amin'ny fanamorana ny fanavaozana ny politika sy famolavolana paikady iraisam-paritra hiadiana amin'ny jono tsy ara-dalàna; ary amin' ny fanamafisana orina ny tambazotran'ireo mpisehatra rehetra eto anivon'ny faritra andrefan'ny ranomasimbe indiana.


Nanantitrantitra ny fahavononan'i Etazonia, hitohy hanampy amin'ity sehatra ity, hoy ny Lefitry ny Sekreteram-panjakana Amerikana Mpanampy misahana ny Ranomasina sy ny Jono Maxine Burkett tamin'ny lahateniny tao anaty horonantsary, ka nanambara fa: "Laharam-pahamehan'ny governemanta amerikana ny ady amin'ny jono tsy ara-dalàna, tsy voambara ary tsy voafehin-dalàna ary manao izany ho ivon'ny asany avokoa ireo ambasady amerikana any amin'ireo firenena nosy ao amin'ny faritra andrefan'ny ranomasimbe indianina … Mamporisika ireo firenena hafa ao amin'ny faritra izahay mba hiditra ao amin'ny FiTI ihany koa, mba ho lasa mpitarika manerantany amin'ny fametrahana fiaraha-miasa sy fandrindram-piaraha-miasa momba ny politikan'ny jono bebe kokoa ireo firenena aty amin'ny faritra andrefan'ny Ranomasimbe Indianina."

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 434**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0433)

**Mitsivalana**
- Paraky
- Olona – Zn
- Kavinao
- Eny – Eo
- Tatitra
- Ray – In
- Vata (miv) – Tao

**Mitsangana**
- Poketra
- Alàna
- Rovitra
- Any – Vay (miv)
- Kanety
- Roa (miv)
- Zo – Aia
- RN – Vono

## TENY MIFANAPAKA N° 434




**Mitsivalana**
**1.** Fitsinjovana **2.** Fiantsoana anao **3.** Isa omena amin'ny taranja – Oroka (miv) **4.** Fiandohan'ny lisitra – Loza mitatao **5.** Foto-tenin'ny mandroaka – Fanao amin'ny laika (BR) **6.** Sintona **7.** Nitady valiny mazava **8.** Karazana vato – Masindahy **9.** Tsy ara-potoana (miv) – Mampisafidy **10.** Azo amin'ny vary (miv) – Hazo fandrehitra

**Mitsangana**
**A.** Kilalaon-tsaina **B.** Tsirin-teny Iharana – Miaraka amin'ny basy (miv) **D.**Tanàna malaza **E.** Lalao fanatanjahan-tena (miv) – Malaina (miv) **F.** Loham-pianakaviana – Efa simba, haolo (miv) **G.** Anaty rano – Solfa (miv) **H.** Firinga - Tsy mendrika **I.** Mpanondro – Nahitana (miv) – Hita ao amin'ny vata **J.** Karazana fitafiana (miv) **K.** Lazaina mazava – Diky

## Valiny Teny mifanaraka 0433

**Mitsivalana**
**1**.Sambava - Lo **2**. Ovaina - Hao (miv) **3**. Ro(taka) - Soraty **4**. Atsinanana **5**. Ta - Koto - GR **6**. Antitra - Ao **7**. Na - Liana **8**. Mey (miv) - Aloa **9**. Lot(o) - Ana **10**. Lahatra - Sa

**Mitsangana**
**A** Soratana **B**. Avotana - La **D**. Ma - Hoy (miv) **E**. Bisikileta **F**. Mitonona (miv) **G**.Varatra - Ar **H**. Anoanana **I**. Ota - Ala **J**. Lainga **K**. OH - Arodana

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Tsy nahasakana ny filoha Marc Ravalomanana sy ireo vahoaka marobe, ny lakrimôzena sy ny herim-pamoretana tany Antanimalandy sy Antanimasaja Mahajanga, ny sabotsy teo.**










**Fahombiazana ny kongresim-paritry ny antoko TIM, tao amin'ny Lycée FJKM Ziona Vaovao Mahajanga faritra Boeny. Feno hipoka ny tao an-trano, maro koa ireo tany an-tokontany.**





